



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY FILAZANTSARA ARAKA AN'I JAONA – L'EVANGILE SELON JEAN

Alatsinainy 01 marsa 2021
Lundi 01^{er} mars 2021

**I JESOSY SY NY ANDRO FIRAVORAVOANA TABERNAKELY (Jaona 7) –
JESUS ET LA FETE DES TENTES (Jean 7)**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

Hoy i Jesosy : « Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro » (Jao. 7, 37b) – *Jésus dit : « Si quelqu'un a soif, qu'il vienne à Moi et qu'il boive » (Jean 7, 37b).*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (cantique) 377, 1 : Tsy mba hisy tonga ary an-danitra :

1. Tsy mba hisy tonga ary an-danitra raha tsy mandrombaka tokoa
Ny mpiady tsara izay maharitra no handray anjara lovasoa.
Hety ary tery ny vavahady ao, kely sy mideza ny lalana mankao :
Nefa aza kivy, ry havako izao, fa izay malaina dia ho very.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Jaona (Jean) 7, 1-10 :

1 Ary rehefa afaka izany, dia nandeha tany Galilia Jesosy; fa nalain-kandeha tany Jodia izy, satria nitady hahafaty Azy ny Jiosy. 2 Ary efa akaiky ny andro firavoravoan' ny Jiosy, dia ny amin' ny Tabernakely, 3 ka hoy ny rahalahiny taminy : « Mialà eto ka mandehana ho any Jodia, mba ho hitan' ny mpianatrao koa ny asa izay ataonao. 4 Fa tsy misy olona

manao zavatra amin' ny takona, nefa ny tenany mitady ho hita miharihary. Raha manao izany zavatra izany lanao, dia misehoa amin' izao tontolo izao ». 5 Fa na dia ny rahalahiny aza tsy nino Azy. 6 Dia hoy i Jesosy taminy : « Tsy mbola tonga ny fotoako fa ny fotoanareo dia vonona lalandava. 7 Tsy mahazo mankahala anareo izao tontolo izao, fa Izaho no halany satria milaza fa ratsy ny asany. 8 Miakara ho amin'ny andro firavoravoana ianareo, fa Izaho tsy mbola miakatra ho amin'ity andro firavoravoana ity satria tsy mbola tonga ny fotoako ». 9 Ary rehefa nilaza izany Teny izany taminy Izy, dia mbola nitoetra tany Galilia ihany.

1 Après cela, Jésus continua de parcourir la Galilée : Il ne voulait pas séjourner en Judée car les Juifs cherchaient à Le faire mourir. 2 Or, la Fête juive des Tentés était proche. 3 Ses frères lui dirent : « Pars d'ici et va en Judée afin que tes disciples voient aussi ce que Tu fais. 4 Personne n'agit en secret s'il cherche à être connu. Puisque Tu fais ce genre de choses, montre-Toi au monde » ! 5 En effet, ses frères non plus ne croyaient pas en Lui. 6 Jésus leur dit : « Le moment n'est pas encore venu pour Moi, tandis que pour vous, c'est toujours le bon moment. 7 Le monde ne peut pas vous détester, tandis que Moi, il Me déteste parce que Je témoigne à son sujet que sa manière d'agir est mauvaise. 8 Montez donc à cette fête ! Quant à Moi, Je n'y monte pas encore parce que le moment n'est pas encore arrivé pour Moi ». 9 Après leur avoir dit cela, Il resta en Galilée.

10 Fa rehefa lasa niakatra ho amin' ny andro firavoravoana ny rahalahiny, dia niakatra koa Izy, nefa tsy mba nisehoseho, fa toa niafinafina.

10 Lorsque ses frères furent montés à la fête, Il y monta aussi Lui-même, non pas en se montrant, mais [comme] en secret.

Fanamarihana 1 – Remarques 1 : Ny tsy fahampian'ny finoan'ireo rahalahin'i Jesosy – Le manque de foi des frères de Jésus

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny Mpitandrina – *pour les Pasteurs*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira 377, 2-3 : Tsy mba hisy tonga ary an-danitra :

2. Maro no mitady hisakana anao, koa mba tohero, ry sakaiza.
Mba reseo mafy ny fahavalonao, fetsy izy ireo ka mahaiza.
Izay rehetra mamin'izao tontolo izao dia avelao fa mamandrika anao :
Aoka mba i Jesosy no hifalianao : eny, hifalianao tokoa.
3. Satroboninahitra tsy ho azonao raha tsy katsahinao tokoa.
Fa hevero kosa ny fifalianao raha tonga ao an-dapa soa :
Fa hahita maso ny Tompo ianao, ka hifaly amin'Andriamanitrao,
Koa miomàna re, ry sakaiza ô, mba ho faly ao am-pitsarana.

Teksta 2 – Texte 2 : Jaona (Jean) 7, 11-36 :

11 Ary ny Jiosy dia nitady Azy tamin'ny andro firavoravoana ka nanao hoe : « Aiza Izy » ? 12 Ary nitakoritsika Azy be ihany ny vahoaka. Hoy ny sasany : « Tsara fanahy Izy », fa hoy kosa ny sasany : « Tsia fa mamitaka ny vahoaka Izy ». 13 Nefa tsy nisy sahy niresaka Azy miharihary noho ny fahatahorany ny Jiosy.

11 Les Juifs le cherchaient pendant la fête et disaient : « Où est-il » ? 12 Dans la foule, on murmurait beaucoup à son sujet. Les uns disaient : « C'est un homme bien ». D'autres disaient : « Non, au contraire, Il égare le peuple ». 13 Personne, toutefois, ne parlait ouvertement de Lui, par crainte des chefs juifs.

14 Ary rehefa nisasaka ny andro firavoravoana, dia niakatra teo an-kianjan'ny Tempoly i Jesosy ka nampianatra. 15 Dia gaga ny Jiosy ka nanao hoe : « Ahoana no nahaizan'ilehity soratra nefa tsy mba nianatra Izy » ? 16 Dia namaly azy i Jesosy ka nanao hoe : « Tsy Ahy ny fampianarako, fa an'izay naniraka Ahy. 17 Raha misy olona taha-nao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin'Andriamanitra izany na miteny ho Ahy Aho. 18 Izay miteny ho azy dia mitady ny voninahitry ny tenany, fa izay mitady ny voninahitr'izay naniraka azy no marina ary tsy misy tsi-fahamarinana ao aminy. 19 Tsy i Mosesy va no nanome anareo ny Lalàna ? : nefa tsy misy eo aminareo mankatò ny Lalàna. Nahoana ianareo no mitady hamono Ahy » ? 20 Ny vahoaka namaly hoe : « Manana demonia ianao : iza no mitady hamono Anao » ? 21 I Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : « Asa iray loha ihany no nataoko ka gaga avokoa ianareo rehetra. 22 Izao no nanomezan'i Mosesy anareo ny famorana : tsy noho izy avy tamin'i Mosesy, fa noho izy avy tamin'ny razana, ka na dia amin'ny Sabata aza dia mamora olona ihany ianareo. 23 Raha amin'ny Sabata aza no amorana olona, mba tsy hahafoana ny Lalàn'i Mosesy, dia tezitra Amiko va ianareo satria nisy olona anankiray nataoko sitrana avokoa ny tenany rehetra tamin'ny Sabata ! 24 Aza mitsara araka ny miseho fa mba mitsarà marina ».

14 C'était déjà le milieu de la fête lorsque Jésus monta au temple et se mit à enseigner. 15 Les Juifs s'étonnaient et disaient : « Comment connaît-Il les Ecritures, Lui qui n'a pas étudié » ? 16 Jésus leur répondit : « Mon enseignement ne vient pas de Moi mais de Celui qui M'a envoyé. 17 Si quelqu'un veut faire la Volonté de Dieu, il saura si mon enseignement vient de Dieu ou si Je parle de ma propre initiative. 18 Celui qui parle de sa propre initiative cherche sa propre gloire, mais si quelqu'un cherche la gloire de celui qui l'a envoyé, celui-là est vrai et il n'y a pas d'injustice en lui. 19 Moïse ne vous a-t-il pas donné la Loi ? : or, aucun de vous ne la met en pratique. Pourquoi cherchez-vous à Me faire mourir » ? 20 La foule répondit : « Tu as un démon. Qui cherche à Te faire mourir » ? 21 Jésus leur répondit : « Pour une seule œuvre que J'ai faite, vous êtes tous étonnés. 22 Moïse vous a donné la circoncision - qui ne vient, du reste, pas de lui, mais des patriarches - et vous circoncisez un homme le jour du sabbat. 23 Si pour respecter la Loi de Moïse, un homme reçoit la circoncision le jour du sabbat, pourquoi vous irritez-vous contre Moi parce que J'ai guéri un homme tout

entier le jour du sabbat ? 24 Ne jugez pas d'après l'apparence, mais portez un jugement juste ».

25 Ary ny mponina sasany tany Jerosalema dia nanao hoe : « Tsy ilehity va ilay tadiaviny hovoioina ? 26 Ary indro Izy miteny miharihary nefa tsy misy miteny Azy akory. Sao efa fantatry ny mpanapaka anie fa io no Kristy ? 27 Nefa fantatsika izay nihavian'ilehio, fa raha avy i Kristy, tsy misy mahalala izay hihaviany ». 28 Dia niantso teo an-kianjan'ny Tempoly i Jesosy, raha nampianatra, ka nanao hoe : « Izaho dia fantatrareo, sady fantatrareo koa izay nihaviako, ary tsy avy ho Ahy Aho fa marina ny naniraka Ahy izay tsy fantatrareo. 29 Izaho mahalala Azy fa Izy no nihaviako ka Izy no naniraka Ahy ». 30 Dia nitady hisambotra Azy ny olona kanefa tsy nisy naninji-tanana Taminy satria tsy mbola tonga ny fotoany. 31 Ary maro ny vahoaka no nino Azy ka nanao hoe : « Raha tonga i Kristy, moa hanao famantarana maro mihoatra noho ny nataon'ity Lehilahy ity va Izy » ? 32 Ny Fariseo nandre ny vahoaka nitakoritsika izany zavatra izany ny Aminy, ary ny lohan'ny mpisorona sy ny Fariseo dia naniraka mpiandry raharaha mba hisambotra Azy.

25 Quelques habitants de Jérusalem disaient : « N'est-ce pas Celui qu'ils cherchent à faire mourir ? 26 Le voici qui parle librement et ils ne Lui disent rien ! Est-ce que les chefs auraient vraiment reconnu qu'Il est le Messie ? 27 Cependant celui-ci, nous savons d'où Il est, tandis que le Messie, quand Il viendra, personne ne saura d'où Il est ». 28 Jésus enseignait dans le Temple. Il s'écria alors : « Vous Me connaissez et vous savez d'où Je suis ! Pourtant, Je ne suis pas venu de Moi-même. Au contraire, Celui qui M'a envoyé est vrai et vous ne Le connaissez pas. 29 Pour ma part, Je le connais car Je viens d'après de Lui et c'est Lui qui M'a envoyé ». 30 Ils cherchaient donc à L'arrêter, mais personne ne mit la main sur Lui parce que son heure n'était pas encore venue. 31 Beaucoup parmi la foule crurent en Lui, et ils disaient : « Le Messie, quand Il viendra, fera-t-Il plus de signes miraculeux que n'en a fait Celui-ci » ? 32 Les pharisiens entendirent la foule murmurer ces propos à son sujet. Alors les chefs des prêtres et les pharisiens envoyèrent des gardes pour L'arrêter.

33 Dia hoy i Jesosy : « Kely foana no itoerako aminareo dia hankany amin'izay naniraka Ahy Aho. 34 Hitady Ahy ianareo fa tsy hahita, ary izay itoerako dia tsy azonareo haleha ». 35 Dia niresaka hoe ny Jiosy : « Hankaiza moa no halehan'ilehity no tsy ho hitantsika ? Hankany amin'izay miely any amin'ny Grika va Izy ka hampianatra ny Grika ? 36 Ahoana re izao teny nolazainy izao hoe : 'Hitady Ahy hianareo fa tsy hahita, ary izay itoerako tsy azonareo haleha' » ?

33 Jésus dit : « Je suis encore avec vous pour un peu de temps puis Je m'en vais vers Celui qui M'a envoyé. 34 Vous Me cherchez et vous ne Me trouverez pas, et là où Je serai, vous ne pouvez pas venir ». 35 Les Juifs se dirent alors entre eux : « Où ira-t-Il pour que nous ne Le trouvions pas ? Ira-t-Il chez ceux qui sont dispersés dans le reste du monde et enseignera-t-Il les non-Juifs ? 36 Que signifie cette Parole qu'Il a dite : 'Vous Me cherchez et vous ne Me trouverez pas, et là où Je serai, vous ne pouvez pas venir' » ?

**Fanamarihana 2 – Remarques 2 : Fampianarana nandritra ny Fetin’ny Tabernakely -
Enseignements durant la Fête des Tentés**

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an’ny marary - *pour les malades*
- ho an’ireo vao namoy havana akaiky – *pour ceux qui viennent de perdre un proche*

Vavaka tarihin’i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira 377, 4-5 : Tsy mba hisy tonga ary an-danitra :

4. He, ny tany soa tsy mba ho hitanao, marina tokoa anie izany.
Ka ny ao an-danitra tsy ho azonao raha fatra-pankafy ny tany.
Raha tsy matoky ny Tompo ianao, dia helo afo no ho anjaranao.
Koa miverena fa ny Mpanavotrao vonona handray anao mihitsy.
5. Dia miangavy, mangataka aminao : mba modia, ry mpirenireny !
Fa ny Tomponao ta-handray anao izao : ianao tsy sitrany ho very.
Izy dia mananty ny Tanany izao, ka ny fonao simba mba atolorinao
Hosoloan’i Jeso fo tsara sy vaovao : izany mba hevero, ry sakaiza !

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Jaona (Jean) 7, 37-53 :

37 Ary tamin’ ny andro farany, izay andro lehibe tamin’ny andro firavoravoana, dia nitsangana i Jesosy ka niantso nanao hoe : « Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. 38 Izay mino Ahy, dia hisy onin’ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan’ny Soratra Masina ». 39 Ary ny Fanahy izay efa horaisin’ny mino Azy no nolazainy tamin’izany, fa ny Fanahy tsy mbola nomena satria i Jesosy tsy mbola niditra tamin’ny Voninahiny.

37 Le dernier jour, le grand jour de la fête, Jésus, debout, s'écria : « Si quelqu'un a soif, qu'il vienne à Moi et qu'il boive. 38 Celui qui croit en Moi, des fleuves d'eau vive couleront de lui, comme l'a dit l'Écriture ». 39 Il dit cela à propos de l'Esprit que devaient recevoir ceux qui croiraient en Lui. En effet, l'Esprit [Saint] n'avait pas encore été donné parce que Jésus n'avait pas encore été élevé dans sa Gloire.

40 Ary ny sasany tamin’ny vahoaka, raha nandre izany Teny izany, dia nanao hoe : « Ity tokoa no ilay Mpaminany ». 41 Hoy ny sasany : « Ity no Kristy ». Fa hoy kosa ny sasany : « Avy any Galilia va no ihavian’i Kristy ? 42 Tsy voalazan’ny Soratra Masina va fa i Kristy dia avy amin’ny taranak’i Davida, sady avy ao Betlehema, vohitra nonenan’i Davida » ? 43 Dia nisara-tsaina ny amin’i Jesosy ny vahoaka. 44 Ary ny sasany nitady hisambotra Azy kanefa tsy nisy naninji-tanana Taminy.

40 Après avoir entendu ces Paroles, beaucoup dans la foule disaient : « Celui-ci est vraiment le Prophète ». 41 D'autres disaient : « C'est le Messie ». Mais d'autres disaient

: « Est-ce bien de la Galilée que doit venir le Messie ? **42** L'Écriture ne dit-elle pas que c'est de la descendance de David et du village de Bethléhem où était David que le Messie doit venir » ? **43** Il y eut donc, à cause de Lui, division parmi la foule. **44** Quelques-uns d'entre eux voulaient L'arrêter mais personne ne mit la main sur Lui.

45 Ary ny mpiandry raharaha nankeo amin'ny lohan'ny mpisorona sy ny Fariseo, ka hoy izy ireo taminy : « Nahoana ianareo no tsy nitondra Azy » ? 46 Ny mpiandry raharaha namaly hoe : « Tsy mbola nisy olona niteny tahaka izany ». 47 Ary ny Fariseo namaly azy hoe : « ianareo koa va voafitaka ? 48 Moa misy mpanapaka na Fariseo mba nino Azy ? 49 Fa voaozona ireto vahoaka ireto, izay tsy mahalala ny Lalàna » . 50 Ary i Nikodemosy, anankiray teo aminy, dia ilay nankeo amin'i Jesosy teo aloha, dia nanao taminy hoe : 51 « Moa manameloka olona va ny Lalàntsika, raha tsy mbola mihaino azy aloha ka mahafantatra izay nataony » ? 52 Izy ireo namaly ka nanao taminy hoe : « ianao koa angaha mba avy any Galilia ? Diniho, dia ho hitanao, fa tsy mba misy mpaminany avy any Galilia ». 53 [DIA samy lasa nody ho any an-tranony avy izy rehetra. **45** Ainsi, les gardes retournèrent vers les chefs des prêtres et les pharisiens, qui leur dirent : « Pourquoi ne L'avez-vous pas amené » ? **46** Les gardes répondirent : « Jamais personne n'a parlé comme cet homme ». **47** Les pharisiens leur répliquèrent : « Est-ce que vous aussi, vous vous êtes laissé tromper ? **48** Y a-t-il quelqu'un parmi les chefs ou les pharisiens qui ait cru en Lui ? **49** Mais cette foule qui ne connaît pas la Loi, ce sont des maudits » ! **50** Nicodème, qui était venu de nuit vers Jésus et qui était l'un d'eux, leur dit : **51** « Notre Loi condamne-t-elle un homme avant qu'on ne L'entende et qu'on sache ce qu'il a fait » ? **52** Ils lui répondirent : « Es-tu, toi aussi, de la Galilée ? Cherche bien et tu verras que de la Galilée il ne sort pas de prophète ». **53** [Puis chacun rentra chez soi.

Fanamarihana 3 – Remarques 3 : Ny andro farany tamin'ilay Fety - Le dernier jour de la Fête

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny ankohonantsika – *pour notre foyer*
- ho an'ny Mpitondra antsika – *pour nos dirigeants*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.

Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira 376, 1-2 : Mpanota ory sy mahantra :

1. Mpanota ory sy mahantra, henoy ny Teny ho anao :
I Jesosy Tompo be fiantra nisolo voina anao.
Ka Izy, feno indrafo,
Mitaona anao hiova fo.
2. I Jesosy Tompo sy Mpamonjy miantso ny anaranao
"Mpanota very, mila vonjy, minoa Ahy ianao !
Ny sainao aoka ho vaovao,
Ny fomba ratsy ialao ! "

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Isaïa (Esaïe) 55, 6-12 :

6 Mitadiava Ny TOMPO dieny mbola hita Izy, miantsoa Azy dieny mbola akaiky Izy.
7 Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny lalany ary ny tsy marina hahafoy ny heviny. Ary aoka hiverina ho amin'Ny TOMPO ireny fa hamindra fo aminy Izy, eny, ho amin'Andriamanitsika fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy. 8 Fa ny fihevitro tsy fihevitreo ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako, hoy Ny TOMPO. 9 Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany no hahavon'ny lalako noho ny lalanareo sy ny fihevitro noho ny fihevitreo.

6 Recherchez l'Eternel pendant qu'il se laisse trouver ! Faites appel à Lui tant qu'il est près ! 7 Que le méchant abandonne sa voie et l'homme injuste ses pensées ! Qu'il retourne à l'Eternel : Il aura compassion de lui. Qu'il retourne à notre Dieu car Il pardonne abondamment. 8 En effet, vos pensées ne sont pas mes pensées et mes voies ne sont pas vos voies, déclare l'Eternel. 9 Le ciel est bien plus haut que la terre. De même, mes voies sont bien au-dessus de vos voies et mes pensées bien au-dessus de vos pensées.

10 Fa toy ny ranonorana sy ny oram-panala milatsaka avy any an-danitra ka tsy miverina any raha tsy efa nahavonto ny tany ka nampaniry sy nampahavokatra azy, mba hahatonga voa ho an'ny mpamafy sy hanina ho an'ny mpihinana, 11 dia ho tahaka

izany ny Teniko izay aloaky ny vavako : tsy hiverina amiko foana izy raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy. **10** *La pluie et la neige descendent du ciel et n'y retournent pas sans avoir arrosé la terre, sans l'avoir fécondée et avoir fait germer ses plantes, sans avoir fourni de la semence au semeur et du pain à celui qui mange.* **11** *Il en va de même pour ma Parole, celle qui sort de ma bouche : elle ne revient pas à Moi sans effet, sans avoir fait ce que Je désire et rempli la mission que Je lui ai confiée.*

12 Fa amin'ny fifaliana no hivoahanareo ary amin'ny fiadanana no hitondrana anareo. Ny tendrombohitra sy ny havoana hahavelona hoby eo alohanareo ary ny hazo rehetra any an-tsaha hitehatanana.

12 *Oui, vous sortirez dans la joie et vous serez conduits dans la paix. Les montagnes et les collines éclateront en cris de joie devant vous et tous les arbres de la campagne battront des mains.*

Hira 381, 1 sy (et) 3 : He, ny fiantsoana :

1. He, ny fiantsoana feno fitiavana,
Teny masina sy to ho anao, ry ory fo.
3. "Fa Izaho hanome Fitsaharan-dehibe
Sy fiainana vaovao hahasambatra anao".

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana. Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu.*

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !